

Monseigneur Benjamin Marc Ramaroson, c.m.  
Archevêque d'Antsiranana  
Tél : (261) 32 11 539 39  
BP 415  
5 Boulevard Le Myre de Villers  
201 ANTSIRANANA  
Madagascar  
[bramaroson@gmail.com](mailto:bramaroson@gmail.com)



« Homba antsika mianakavy anie ny Fiadanan'ny Tompo »  
« Tsy isika fa ny Fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika... »

Ho antsika Olo Araiky Pretra, Voatokana, Lahika

## FILAN-KEVITRA IOMBONAN'NY DIOSEZY - FEHIN-KEVITRA

Notanterahina ny faha-16 ka hatramin'ny faha-21 jolay 2018 tao amin'ny Centre Spirituel Saint Augustin ny Filan-kevitra pastoraly voalohan'ny Diosezin'Antsiranana. Nandray anjara feno tamin'izany ny tolagna, dia ny Pretra, Voatokana, lahika izay miisa 112, avy amin'ny lafivalon'ny Diosezy. Miaramisaotra an'Andriamanitra isika noho ny fitantanany sy ny fanilovan'ny Fanahiny; isaorana indrindra isika niara-niasa loha na ny lavitra na ny akaiky tamin'ny fanohanana am-bavaka. Tsy tanjona izao fa fanombohana sy varavarana misokatra amin'ny maha-“génération mpanorina” antsika EOV. Kihondalana eo amin'ny fiainan'ny Diosezy izao nataantsika izao.

Rehefa nampahatsiahivin'ny Arseveka ny hafatry ny Sinaody farany: “Fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana an-davan'andro”, nivoitra avy hatrany fa marary ny tontolo iainana, ny tontolom-piaianana, ny tontolom-pinoana ka mila fitsabooana.

Niezaka ny mpandray anjara nandalina isam-baomiera ireo tontolo telo ireo mba hampandrosoana ny pastoraly eto anivon'ny Diosezy. Mizara efatra lehibe ny laha-dinika natao: EOV aho ka mandalimpinoana, EOV aho ka mikatroka sy manompo, EOV aho ka mandray an-tanana, ary EOV aho ka mivavaka. Toy izao ary ny famintinana ny votoatin-kevitra izay hiezahantsika EOV rehetra hiainana manomboka izao.

### I. EOV AHO KA MANDALIM-PINOANA

Tsapa fa marisarisa ka mila kolokoloina ny tontolom-pinoantsika. Hita izany amin'ireto sehatra manaraka ireto: Marary ny Fianakaviana (Eglisy Kely), mandringa ny sehatry ny fanabeazana satria tsy ampy isa sy tsy ampy fiofanana, ary miraviravy tâhana ny mpanabe amin'ny ambaratonga samihafa, mbola lavitr'ezaka ny fandalinam-pinoana, indrindra fa eo amin'ny fiomanana amin'ny sakramenta samihafa. Mbola betsaka ny olana hita any amin'ny fampianarana katesizy, tsy hita soritra ny fandalinam-pinoana any amin'ny Fikambanana, firohotana sy ny Vaomiera.

Arak'izany dia hataon'ny tompon'andraikitra isan'ambaratongany vain-dohan-draharaha ny:

- fikarakarana manokana ny fianakaviana (Eglisy kely).
- fampiofanana ireo Mpanabe isan-tsokajiny ato amin'ny Diosezy.
- fampidirana anatin'ny fikambanana na firohotana na sehatra hafa misy ao amin'ny Eglisy ny ankizy na tanora alohan'ny hirosoany amin'ny sakramentan'ny fankaherezana.
- fampirisihana ny EOV hiroso amin'ny sakramenta tokony ho raisiny, tsindriana manokana ny sakramentan'ny mariazy.

### II. E.O.V AHO KA MIKATROKA SY MANOMPO

Ilaina ny mikatroka sy manompo mba ho hita taratra amin'izay ataantsika ny finoantsika. Sehatra hampiharana izany ny Fikambanana, ny Firohotana, ny Vaomiera izay rafitra ekena sy entin'ny Eglisy mampifandray sy mampivoatra ny tontolom-pinoana amin'ny tontolom-piaianana. Samy manana ny anjara

toerany ireo eo anivon'ny Eglisy sy ny fiaraha-monina. Ao anatin'ireo rafitra ireo tokoa mantsy ny EOV no manamasin-tena, mandalinam-pinoana, miombona, miezaka manampy ireo mpiara-belona aminy ary mampianatra azy ireo hanaja sy hikolokolo ny fananana sy ny tranobe iombonana. Indrisy anefa fa tsy rototra ny EOV mirotsaka amin'ireo rafitra telo ireo, ary matetika dia ny lafiny fitadiavam-bola no mibahan-toerana ka hadino ny tanjona sy ny antom-pisian'ny rafi-panompoana.

Noho izany dia:

- hampahafantarina ny Kristianina ny “charisme” sy ny maha-zava-dehibe ny Fikambanana sy ny Firohotana eo anivon'ny Eglisy ary hajoro araka izay azo atao manomboka any amin'ny Eglisy Fiombonana.
- hampahafantarina ny Kristianina ny asa fanompoana eo anivon'ny Vaomiera ka ho ezahina ny hampijoroana azy manomboka any amin'ny Eglisy Fiombonana.
- hentanina ny EOV mba hirotsaka, saingy tsy azo atao ny misabaka, izany hoe ny miditra amin'ny Fikambanana roa na telo samihafa.
- homena anjara toerana lehibe ny fandalinam-pinoana sy ny fizaràna ny Tenin'Andriamanitra any amin'ny Fikambanana, Firohotana ary Vaomiera. Matetika ny finoana tsy lalim-paka no antony lehibe mahatonga ny sasany amintsika hivily lalana.

### **III. EOV AHO KA MANDRAY AN-TANANA**

Miseho amin'ny endrika maro samihafa ny fandraisana an-tanana eo amin'ny tontolom-pinoana, ao ny ara-nofo, ara-tsaina, ara-panahy, eny fa na ny fananana sy ny tontolo iainana koa.

#### **1. Ny hasim-pinoana**

Tsapa fa mbola manjavozavo amin'ny kristianina maro ny hevity ny hasim-pinoana sy ny ampiasana azy na dia teo aza ireo fanazavana sy fanentanana maro avy amin'ny Arsevekantsika mandritra ny famangiany sy any amin'ny taratasiny (Jereo ny hafatra pastoraly faha-3), ao koa ny tatitra mahakasika ny nampiasana ny vola. Ny statistika dia manaporofa fa tena mbola marisarisa ary mila ezaka isika amin'ny fanomezana hasina ny finoantsika. Na dia sarotra aza ny fiaianana dia tsy enta-mavesatra ho antsika ny fandraisana an-tanana satria izay tia mahafoy.

Noho izany dia:

- Tsy sasatra ny Eglisy manentana ny vita batemy tsirairay mba handray an-tanana (fa tsy ny Ray aman-dReny ihany). Misy ny taratasy (carte) fanamarinana hahafahana manara-maso. Miainga avy any amin'ny Eglisy Fiombonana ny fanatanterahana azy (statistika).
- Atokana ho andron'ny hasim-pinoana ny fankalazana an'i Kristy Mpanjaka eto anivon'ny Diosey fa azo atao ny misafidy ny fomba sy ny fotoana mahamora ny fanatanterahana azy.
- Atao mangarahara mandrakariva ny vokatra azo (Eglisy Fiombonana, Eglisy Fototra, Eglisy Iraka) sy ny fampiasana azy eto amin'ny Diosey.

#### **2. Ny tany sy ny fananan'ny Eglisy**

Tsapa fa misy ireo fananan'ny Eglisy, indrindra ny tany, tsy voakarakara ka alain'ny olona. Adidintsiaka ny mikarakara ny taratasy ara-panjakana mahakasika izany. Hasiana “commission” misahana ny fizakan-tany eto amin'ny Diosey.

#### **3. Ny pastoraly**

Hita fa miezaka amin'ny asa fitoriana ny Vaovao Mahafaly ny Pretra ny “Inspecteurs” ary ny Katekista ary tsapa ny fahombiazany, saingy tsy ampy ny fanohanana'ny EOV azy ireo. Noho izany dia:

- Hatsaraina bebe kokoa ny fandraisana an-tanana'ny EOV any amin'ny Eglisy Fiombonana sy ny Eglisy Fototra ny velon-tenan'ny “Inspecteurs” sy Katekista (Ohatra: saran-dalana, saram-piofanana, saran-dasy...) mandritra ny Fiofanana sy fitetezam-paritra (Tournées) ataony.

#### **4. Ny fanabezana (sekoly katolika)**

Sehatra iray lehibe eo anivon'ny Eglisy anehoana ny fandraisana an-tanana ny fanabeazana feno: ara-batana, ara-tsaina, ara-moraly, ara-panahy ny sekoly katolika.

Maro ny olana sedraina eo anivon'ny sekoly: - vitsy an'isa ny zaza katolika mianatra any amin'ny sekolintsika – tsy ampy traikefa ny mpanabe sy ny Ray aman-dReny ka zary miraviravy tanana manoloana ny ditran'ny tanora ...

Manoloana izany dia:

- hamafisina sy hatsaraina ary hampiharina ny Fitsipika any amin'ny Sekoly
- tsy maintsy hampiharina eo anivon'ny sekolintsika ny taranja EVA sy ny RELIGION.
- hampidirina ao anatin'ny « Conseil Pastoralin'ny Eglisy Iraka » ny VRM (Vondron'ny Ray amandRen'ny Mpianatra) ary ny Pretra kosa anisan'ny Komitin-tsekoly.

### 5. Ny tontolo iainana

Potika ny tontolo iainantsika satria tsy mety tonga saina ny maro fa zava-doza ny doro tanety sy ny fandripahana ny ala. Tsy resy lahatra ny olona amin'ny maha-zava-dehibe ny fambolen-kazo ka vitsy ny mandray an-tanana. Noho izany:

- harovana toy ny anak'andriamaso ny zava-boary.
- hajoro eo anivon'ny Eglisy Fiombonana, Eglisy Fototra, Eglisy Iraka ny Vaomieran'ny tontolo iainana.
- hamafisina ny antson'ny Diosezy mahakasika ny fambolen-kazo.
- misy Pretra iray ho tendren'ny Eveka hanara-maso ny fanatanterahana ny Diosezy Maitso ka aoka samy hanaraka ny torolalana avy aminy sy ny ekipany.
- samia manomboka ny diosezy maitso ao amin'ny tokotaniny
- Hamafisina ny Ecole Verte.

## IV. EOV AHO KA MIVAVAKA - NY LITORJIA

Toetra telo lehibe no maha-litorjia ny litorjia:

- Tsy maintsy **marina** satria manambara ny finoana katolika.
- Tsy maintsy **mendrika** sady **tsara** (belle et digne).
- **Manabe** antsika amin'ny finoana.

Ny zava-misy anefa dia mbola manjavozavo amin'ny kristianina maro ny famaritana ny tena atao hoe Litorjia. Maro ireo fihetsika na fahazarana iainantsika izay mampihen-danja na mifanohitra amin'ny Litorjia. Hamafisina ny fiofanana mikasika ny Litorjia.

- ny Eokaristia na ny fotoam-pivavahana dia manomboka amin'ny hira fidirana ary mifarana amin'ny hira fanirahana ka tsara hajaina ny fotoana.
- tsy maintsy homanina tsara ny Litorjia (famakian-teny, fanentanana, hira, mpiservy, fitendrena zava-maneno, fanamafisam-peo ...) ary iarahana amin'ny Pretra.
- Manao « Aube » ny mpamaky teny sy ny mpanentana.

Tsara koa ny manamarika etoana mahakasika ny Fanajana Manokana (DEVOTION). Ny DEVOTION dia ftiavam-bavaka na fientanam-panahy manokana hifandraisana amin'Andriamanitra ananan'ny tsirairay na vondron'olona. Ao ohatra ny DEVOTION amin'ny FO MASIN'I JESOA, FO MADION'I MARIA, FAMINDRAM-PO, FANAHY MASINA (charismatique), OLOMASINA...

Ireo Eglisy Iraka ahitana vondrom-bavaka maneho DEVOTION dia tohizana fa ireo mbola tsy misy dia miandry fahazahoan-dalana.

Tsy tanjona izao filan-kevitra izao fa fanombohana. Fampitrahofana ny fiaianana sy ny finoana. Génération Mpanorina isika ka aoka ho fola-kevitra, hiombona ho olo araihy ka hanandratra ny Diosezintsika. Tsy Isika fa ny fahasooavan'Andriamanitra miaraka amintsika ary izay mitoetra ao amin'I Kristy sy itoerany no mamokatra ary mamokatra be sy feno hafalialana..Ankinintsika amin'I Masina Maria sy Olts Lucien Botovasoa . Mitsodrana anareo aho. Mivavahà koa ho ahy.

Natao teto Antsiranana anio 21 jolay 2018  
ALAHADY FAHA-16 MANDAVANTAONA

Mompera Eveka  
+ Ramaroson Benjamin Marc, cm

